# LITORZIA

# FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

# A. ALAHADY MARAINA

*Velomina intelo ny lakolosim-piangonana na ny antsiva alohan' ny fidirana fanombohana ny fanompoam- pivavahana.*

*Rehefa tapitra ny lakolosy na ny antsiva fahatelo, dia tendrena fohifohy ny zava-maneno na manao hira fohifohy.*

*Amin'ny itendrena ny zava-maneno, na anaovana hira fohifohy dia mankeo amin'ny Alitara ny pastora efa mitafy ny akanjo pastoraly.*

*Na amin'ny vavaka na amin'ny famakiana ny Tenin' Andriamanitra dia tokony hakatona ny varavarana.*

*Mitsangana ny fiangonana, mitodika any amin' ny Alitara ny pastora na izay mitarika -raha tsy eo ny pastora - ka miteny hoe :*

Amin' ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

*Fiangonana :* **Amena.**

## 1. VAVAKA FANOMBOHANA

*Mipetraka ny fiangonana, mandroso ny pastora na ny katekista na ny loholona anankiray ka manao ity vavaka eto ambany ity na vavaka foroniny. Mandohalika ao amin'ny Alitara amin'izay ny pastora.*

*Na katekista na loholona dia samy mitodika any amin' ny Alitara raha manao ity vavaka ity.*

Ry Andriamanitra Ray sy Zanaka ary fanahy Masina ô, Izay Mpamorona sy Mpanavotra ary Mpanamasina anay ! Mivory eto amin' ity tranonao ity izahay, mba hihaino izay holazainao aminay. Andriamanitra ô, mangataka aminao amin' ny alalan' i Jesosy Kristy izahay, mba hosokafan' ny Fanahy Masina ny fonay, mba hiasan' ny Teninao ao am-ponay hahatonga anay hibebaka noho ny ota nataonay, ka mba hinoanay an' i Jesosy, na amin' ny fiainana na amin' ny fahafatesana, ary hitomboanay hihatsara isan'andro isan' andro amin'ny fitondrantena masina. Hohenoinao anie izany, ry Andriamanitra ô, sy hotanterahinao amin'ny alalan' i Jesosy Kristy. Amena.

* * * * * *

Nota : *Raha tsy eo ny pastora, ka ny katekista na loholona no mitarika ny fivavahana, dia ny Leksiona sy ny Epistily ary ny Filazantsara sy ny Fanekem-pinoana no vakiny, ary eo anoloan'ny Alitara no anaovany izany.*

# 2. HIRA

## 3. FIAIKEM-PAHOTANA SY FANAMBARANA FAMELAN-KELOKA

***Ny pastora***
***mitodika amin' ny Fiangonana ka manao hoe :***

**Mahatoky sy marina Andriamanitra, koa raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra Izy. (I Jaona. 1, 9 ).**

**Noho izany àry dia aoka hanetry tena sy hifona amin' Andriamanitra isika noho ny fahotantsika !**

***Rehefa voalaza izany dia mandohalika eo amin' ny Alitara izy, ka mivavaka hoe :***

Ry Andriamanitra tsitoha, Mpamorona sy Mpanavotra anay ô! Masina lanao ka mankahala ny ratsy rehetra. Indreto izahay mpanota mahantra manetry tena sy miaiky ny fahadisoanay sy ny helokay rehetra eto anatrehanao. Nanota taminao tamin' ny hevitra sy ny teny ary ny asa izahay, sady notorontoronina sy teraka tamin' ny heloka sy ny fahotana koa, ka tokony ho very sy hohelohina mandrakizay. Nefa noho ny famindramponao lehibe sy mahagaga, dia mifona Aminao amin' ny anaran' i Jesosy Kristy izahay.

*Ny pastora sy ny Fiangonana :*

Ry Andriamanitra be famindrampo ô! Izay nanolotra ny Zanakao Lahy Tokana ho faty hisolo anay, mamindrà fo aminay ary noho ny anarany dia mamelà ny fahotanay rehetra, ary ampitomboy amin' ny alalan' ny Fanahinao Masina ny fahalalanay marina Anao sy ny sitraponao, ary ny fanoavana marina ny Teninao, mba ho tonga amin' ny fahasambarana mandrakizay izahay, noho ny fahasoavanao, amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tomponay. Amena.

* * * * * *

*) *Raha mitodika ho amin' ny Fiangonana ny pastora dia manao hodin- kavanana, ka toy izany koa rehefa handohalika; ary raha mitodika ho amin' ny Alitara kosa dia manao hodin-kavia.*

*Ny Fiangonana mihira hoe:*

**Dô dia Eb. 4/4**



Ry Andri-a- ma- ni tra Tompo Ray ao an-da -nitra ô ! Mamindrà fo a - mi - nay !
Ry Je so-sy To-mpo Mpamo njy i- zao tonto-lo i -zao ! Mamindrà fo a- mi - nay !
Ry Fana hy Ma- si-na To -mponay mpampiono-na ô ! Mamindrà fo a- mi - nay !

*Ny pastora*
*mitodika amin' ny fiangonana ka manao hoe :*

a) Misaotra ny Ray, Izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin' ny lovan' ny olona masina eo amin' ny mazava, sady nahafaka antsika tamin' ny fahefan' ny maizina ka namindra antsika ho amin' ny fanjakan' ny Zanany, malalany, Izay ananantsika fanavotana, dia ny famelana ny helotsika. **(Kol. 1, 12-14).**

*Na ity :*

b) Izaho efa nandevona ny fahadisoanao tahaka ny fandevona ny zavona, Ary ny fahotanao tahaka ny rahona ; Koa miverena amiko, fa efa nanavotra anao Aho. **(Is. 44, 22).**

*Na ity :*

d) Matokia, anaka ; voavela ny helokao **(Mat. 9, 2).**

Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay **(Jao. 3, 16).**

Minoa an' i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao. **(Asa 16, 31).**

**Dô dia Eb 4/4** *Ny fiangonana mihira hoe :*



A . . . . . . . . . . men !

## 4. FANKALAZANA (Gloria)

*Ny pastora*
*mitodika amin' ny alitara ka manao hoe :*

Dô dia **A**b. 4/4.

{|| s,. s, : s, : s, . s, : l, . l, : t, .t, .t, : d : d . d : r : d . d : m : m . m : m : r : -.d : d : - ||
Vo -ni - na - hi -tra a -ny amin'ny a - vo i -ndri -ndra ho an' A ndri - a -ma - ni -tra !

*Ny fiangonana mihira hoe :*

Dô dia **A**b. 4/4.

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| d : d \| d : d | d : d \| d : d . d | r : r \| r : r . r | m : - \| m : - | s : - \| f : m |
| d : d \| d : d | d : d \| d : d . d | l, : l, \| l, : l,. l, | si, : - \| l, : - | s, : - \| l, : s, |
| d : d \| d : d | m : m \| m : m. m | f : f \| r : r . r | t, : - \| d : - | d : - \| d : d |
| d : d \| d : d | l, : l, \| l, : l, . s, | f, : f, \| f, : f, . f, | m, : - \| l, : - | m, : - \| f, : s, |
| A - ry fi - a | da - na na ho e - ty | a -mbo-nin' ny | ta -..........ny........ | a -.......min' ny |

| | | | |
|---|---|---|---|
| r : - \| r : r | m : - \| f : m | r : - \| - : r | d : - \| - : |
| fi, : - \| s, : s, | s, : - \| f, : s, | l, : - \| - : f, | m, : - \| - : |
| d : - \| t, : t, | d : - \| d : d | d : - \| - : t, | s, : - \| - : |
| l, : - \| s, : s, | d : te, \| l, : s, | f, : - \| - : s, | s, : - \| - : |
| o..............lo - na | A -.........nka - si - tra | ....................ha - | ny ! |

*(Amin' ny andro firavoravoana telo lehibe, rehefa vita ny fankalazana, dia manao hira fiderana anankiray ny Fiangonana).*

## 5. V A V A K A

*Ny pastora*
*mitodika amin' ny fiangonana ka manao hoe :*

Dô dia **A**b. 4/4.

{| d . d : d . d : d : d . d : l, : -.l, : t, : - : d : - ||
Ho a - mi-na - reo a -ni - e ny To .........mpo !

*Ny fiangonana mihira hoe :*

Dô dia **A**b. 4/4.

| | | |
|---|---|---|
| d : d \| d . d : d . d | l, : - \| t, : - | d : - \| - : |
| d : m, \| l,. l, : l, . s, | f, : - \| f, : - | m, : - \| - : |
| d : d \| m. m : f . d | r : - \| r : - | d : - \| - : |
| d : d \| l, .s, : f,. m, | f, : - \| s, : - | d, : - \| - : |
| A - ry hoa-min' ny fa - na............ | hi............... | nao ! |

*(Azo **Vakina** ny Vavaka Kolekta na koa **Hiraina.**)*

*Ny pastora*

Dô dia **A**b

d : d . d : d . d : d . l, : -. l, : l,. t, : -. d : d
Ao- ka i - si ka re-he- tra hi-va - va - ka

*Dia mitodika amin' ny Alitara izy ka manao ny vavaka voatendry amin' io Alahady io. (Raha Andro fahatsiarovana ny olona masina, na andro Noely, na Alakamisy Masina, na Andro Paska, na Andro Pentekosta, na Trinité dia jereo ny Vavaka voatendry izay tandrify azy ireo avy; pejy faha-53 snm...)*

*Ny Fiangonana mamaly hoe :*

Dô dia **A**b 4/4.

d : - ! t, : l, | s, : l, . r ! d : t, | d : - ! - : -
d : - ! s, : f, | m, : f, . l, ! s, : - | s, : - ! - : -
d : - ! r : d. r | m : d . f ! m : r | m : - ! - : -
d : - ! s, : l,.t, | d : l, . f, ! s, : - | d, : - ! - : -
A . . . . . . . . . . . . . . . men.

## 6. - LEKSIONA sy EPISTILY

*Ny pastora mitodika amin' ny Fiangonana ka manao hoe :*

Aoka ho rentsika ny Tenin' Andriamanitra ao amin' ny....................
Toy izao no fivakin' ny Teny amin' ny anaran' i Jesosy :
(*miaraka vakina ny Testamenta Taloha sy ny Epistily* ).

*Rehefa vakina ny Tenin' Andriamanitra, dia mitsangana ny Fiangonana.*

## 7. HIRA

## 8. FILAZANTSARA

*Ny pastora mitodika amin' ny Fiangonana ka manao hoe :*

Aoka ho rentsika ny Filazantsara araka an' i...:........................
Toy izao no fivakin'ny Teny amin'ny anaran' i Jesosy :

*Rehefa vakina ny Filazantsara, dia mitsangana ny Fiangonana, ka rehefa vita ny Fanekem-pinoana vao mipetraka. Ny teksta roa tsy hotorina no ifidianana.*

*Rehefa voavaky ny Filazantsara, dia mihira ny Fiangonana ka manao hoe :*

Dô dia Ab 4/4 - *Mientana sy marisika.*

: d | d :d .d |d .d :d .d | l, :t, |d :— | d :t,.t, |l,.l,:r | d :t, |d :—
: d | s, :m,.m,|f,.f,:s,.s, | f, :— |m, :— | m, :s,.s, |l,.l,:l, | s, :— |s, :—
: d | m :d .s,|l,.l,:s,.d | r :— |d :— | d :m .r |d .d :f | m :r |m :—
: d | d :d,.d,|f,.f,:m,.m, | f, :s, |l, :— | l, :m,.m, |f,.f,:r, | s, :— |d, :—
I- sao - rana a-ni e ny To - mpo. no-ho ny Filaza- ntsa - ra !

## 9. FANEKEM-PINOANA

*Ny pastora:*

Aoka isika hiaraka hanaiky sy hanambara ny finoana iombonantsika amin' ny Fiangonana kristiana rehetra manerana izao tontolo izao !

*Ny pastora mitodika amin' ny alitara ka miara-miredona amin' ny Fiangonana hoe :*

Mino an' Andriamanitra Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany aho ;

Ary mino an' i Jesosy Kristy, Zanany Lahy Tokana Tompontsika, Izay notorontoronina tamin' ny Fanahy Masina, naterak' i Maria virijina, nijaly raha nanapaka Pontio Pilato, nohomboana tamin' ny hazo fijaliana, maty ka nalevina, nidina tany amin' ny fiainan-tsi-hita, nitsangana tamin' ny maty tamin' ny andro fahatelo, niakatra ho any an-danitra, mipetraka eo ankavanan' Andriamanitra Ray Tsitoha; avy any no hihaviany hitsara ny velona sy ny maty.

Mino ny Fanahy Masina aho, ny Fiangonana masina manerana izao tontolo izao, ny fiombonan' ny olona masina, ny famelan-keloka, ny fitsanganan' ny tena amin' ny maty, ary ny fiainana mandrakizay. Amena.

## 10. HIRA MIALOHA NY TORITENY

*Rehefa nahavita ny andininy voalohany ny fiangonana, dia miala amin' ny alitara ny pastora, ary nony efa atao ny andininy farany, dia miakatra any amin' ny polipitra ny mpitoriteny.*

## 11. TORITENY

*Mivavaka ny mpitoriteny, dia mamaky ny teny voatendry hotorina, ary manao hoe :*

"Ry Ray Masina ô! Manamasina anay amin' ny fahamarinana; ny Teninao no fahamarinana" . **(Jao. 17, 17)**

*Mitsangana ny fiangonana nony vakina ny tenin' Andriamanitra ka mipetraka indray rehefa vita ity teny eto ambony ity, ary dia aroso ny toriteny miantomboka amin' ny fiarahabana hoe :*

**Ry Fiangonana malala ! Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. (Efes. 1, 2)**

*(Amin' ny andro firavoravoana lehibe dia mivavaka sy manao sasin-teny fohifohy ny pastora, dia mifidy hira andininy anankiray amin' izay mifanaraka amin' ny andro.)*

*Arakaraka ny teo-javatra indraindray, afa-tsy amin' ny andro firavoravoana lehibe, dia azo itoriana teksta hafa.*

*Ny toriteny dia hofaranana amin' ny fankalazana hoe :*

**V**oninahitra anie ho an' Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin' ny taloha indrindra ka ho mandrakizay !

*Ny raharaha eny amin' ny polipitra dia faranan' ny mpitoriteny amin' ny teny hoe :*

Raiso ny fitahiana !

*Dia mitsangana ny fiangonana, ary hoy ny mpitoriteny :*

**H**o aminareo rehetra anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompo sy ny fitiavan' Andriamanitra Ray ary ny firaisana amin' ny Fanahy Masina ! Amena.

## 12. HIRA MANARAKA NY TORITENY

## 13. VAVAKA MANARAKA NY TORITENY

*Raha tsy mbola tapitra ny hira, dia mankeny amin' ny alitara ny pastora, ary rehefa vita ny hira, dia mitodika amin' ny fiangonana izy ka manao hoe :*

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| d :- | . d : | d. d : | d . d : | l, : | l, : l, | . l, : | t, :- | . d : | d |
| Ao- | ka | i - si- | ka hi -sao | -tra sy | hi -va | - | va- | ka. | |

*Dia mitodika amin' ny alitara ny pastora ka manao hoe :*

a*) **R**y Andriamanitra Tsitoha, sady Ray mandrakizay ô ! Midera sy mankalaza ny Anaranao masina izahay, fa tsara Ianao, ary ny famindramponao maharitra mandrakizay. Ianao no efa nahary anay sady manohana anay. Ianao no efa nanavotra anay sady manamasina anay. Hoderaina mandrakizay anie Ianao !

Ry Andriamanitra ô! Jereo amin' ny fahasoavanao ny Fiangonana kristiana. Ampikambano sy hatanjaho izy. Fohazy izay matory fanahy, ampivereno izay efa niala, ampidiro amin' ny Fiangonanao ny jentilisa sy izay sisa amin' ny Zanak' Isiraely.

**) Ny vavaka fohifohy ao amin' ny pejy faha-30 no azo asolo ity raha mbola be loatra ny raharaha hatao.*

Ahinjiro ny tananao hiaro ny firenenay sy ny tanindrazanay. Aoka handroso aminay anie ny zava-mahasoa rehetra, ary sakano ny saindratsy sy ny asa ratsy rehetra. Tahio ny Filohan' ny Repoblikan' i Madagasikara sy ny Mpanao Lalàna ary ny Mpitondra Fanjakana rehetra hipetrahanay miadana amin' ny toe-panahy araka Anao sy ny fahamaotinana rehetra. Tariho amin' ny fanahin' ny fahendrenao ary tehirizo ao Aminao ny firenena rehetra eran-tany sy ny mpitondra azy mba hanjakan' ny fihavanana sy fandriampahalemana. Ary izy rehetra anie mba samy hahafantatra tanteraka sy hanaiky ny sitraponao, Andriamanitra Ray Mpiahy, antoky ny fiadanan' ny olombelona eto an-tany. Omeo fo hendry ny ray aman-dreny, hitaizany ny zanany araka ny fomba kristiana. Anjakao amin' ny Fanahinao ny sekoly, ary tahio ny konfirmanda sy ny katekomena izay miomana hatao batisa.

Ny fitahianao anie hampahavokatra ny tany sy hanasoa ny fivelomana marina mbamin' ny asam-panahy tsara rehetra. Vokiso amin' ny hanina isan' andro ny mahantra sy ny noana ary tahio izay rehetra manome sy miantra amin' ny fifaliana. Ampionony sy ampio ny mpitondratena sy ny kamboty mbamin' ny marary sy malahelo ary izay miady farany amin' ny fahafatesana. Mamindrà fo amin' ny olona rehetra, ry Tompo ô !

Midera sy mankalaza ny Anaranao masina izahay noho ny mpanompoanao rehetra izay efa naharitra tamin' ny finoana Anao mandra-pahafatiny, ka efa finàritra ao aminao ankehitriny amin' ny fifalian' ny lanitra. Ampio koa izahay mba hanahafanay ireo, ka ho velona ao aminao sy ho faty ao aminao, hahatraranay ny fitsanganan' ny tena amin' ny maty ho fahasambarana mandrakizay.

***Raha misy batisa na fandraisana dia ajanona ny Hataky ny Tompo eto. Fa raha tsy misy izany, dia mandroso ny pastora sy ny fiangonana mivavaka hoe :***

**Rainay Izay àny an-danitra ! Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.**

ary aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin' ny ratsy. Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay.

Dô dia Ab. 4/4.




*Rehefa vita ny vavaka, dia manao ny hira faha- 13 , andininy voalohany ny fiangonana hoe:*

Do dia Ab. 6/4 D.C.



## b.) VAVAKA NOHO NY TENY

Dô dia Ab

d:- . d: d . d: d . d : l, : l, : l, : l, : t, :- . d : d
Ao -ka i- si- ka hi sao- tra sy hi- va - va- ka

.s,: s, : s,. s,: d : d . d : d . d : d . d : d : d . d: t, : d l . d: d . d : d . d : d :- . d : d . d: d . d : d . d : d
Mi-sao- tra A -nao i za-hay A-ndri-a-ma-ni-tra Ray ô, no- ho ny fa-no-me - za-nao a-nay an' i Je - so

:- . d: r : d l . d : d : d . d : m :- . m : r :- . d : d . d : d . d: d : d . d : d . d : d . d: d :- . d: t, . d l . d :
sy Kri- sty Za-na-kao La - hy To - ka-na mba tsy ho ve -ry i -zay re -he-tra mi - no A-zy fa

d . d : d . d : m : m . m : r : r . d : d l . d: d: d . d: d :- . d : d . d : d . d: d :- . d: r : r : d ll
ha-na- na fi - ai - na - na ma-ndra-ki - zay. Mi sao-tra A -nao i -za hay, ry Je- so - sy Kri -sty ô,

. d : d . d : d . d: d . d : d . d : d . d : d . d: t, : d l d . d : d . d : d . d : r :- . d: d: d . d . d : d . d: d:
no- ho ny ni -to-ndranao ny fa- ho-ta-nay re-he -tra tamin' ny Te- nanao Ma - si - na sy ny na -ne -so-

d . d: d . d : d . d: d :- . d : d . d : m : m . m : m . m : r: d l . d : d : d . d: d :- . d : d . d : d . d : d . d
ra-nao ny fa -ha- di - so - a -nay re- he- tra ta -min' ny rà-nao. Mi -sao-tra A-nao, i -zahay ry Fanahy

r : r . r: d l . d : d . d : d . d : d : d . d: d : d . d: d . d: d :- . d: d . d: d . d : d . d: t, : d l . d : d . d:
Ma-si-na ô, no- hony na-no-me -za-nao a -nay i-za -ny fi noa-na i -za-ny ao am-po- nay di- a ny

d . d: d . d: d :- . d : d . d: d . d : d . d : d: d . d: d . d : d . d: r : d l d . d: d . d : m :- . m : r : d ll
tsy a- ha -fa -nta - ra -nay na i- no- na na i- no -na ho fa-mo- nje -na, a - fa tsy Je - so - sy Kri - sty,

d . d : d . d: t, : t, . t, : t, . t, : d :- . d: t, . t, : l, :- . s, : s l . s,: s, . s, : l, : l, . l, : d l . d : d :- . d : d . d:
Izay vo-a hombo ta -min'ny ha - zo- fi - ja - li - a - na. A - ndri-a -ma-ni-tra ô O - me - o anay

d : d: d . d: r :- . d : d l d . d: d : d . d: d . d: d . d: d . d : d . d : d . d: d . d : d: t, : d l . d : d . d : d . d
fa - ha- so- a -va -nao,mba hi -no- a- nay to -ko -a ny fa- me-la-na ny he-lokay re-he- tra no-ho ny fi -ja

d . d : d . d : d . d: m : m :- . m : m . m : m . m: r :- . d : d l d . d : d. d : d :- . d : d . d : d . d : d . d : d . d :
li - an' i Je- sosy Kri -sty sy ny fa - ha-fa-te -sa -ny, a -ry ha-za-vao a-min'ny Fana -hinao Masi-

d . d : t, : d l . d: d . d : d : d . d : d . d : d . d : d . d : d . d: t, : d l . d: d . d : l, :- . l, : l, . l, : l, . l, : d :- .
na ny fo -nay, mba hi- a- la -nay i -san'a-ndro a-min'ny faho- ta- na no-ho ny he - rin' ny fa- ha- fa -te-

. d : t, . t,: [illegible] s, l s, . s,: l, . l, . l, : l, . l,: d : d . d: d . d : d . d: d . d: d . d: r : d l d . d : d . d : m :
san' i Je-so- sy, a - ry mba tsy ha-mpi -a -la -nay an' i Je-so- sy a- min' ny fo-nay amba- ra -pa- hi-

m . m : r : d l r . r: r . m : f : m . m : r ; r . d : d ll
ta -nay A - zy a-min' ny fi - ai - na -na ma-ndra-ki-zay.

*Ny Fiangonana :*

Dô dia Ab. 4/4.

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| d | :r | \|d | :t, | d | :— | \|— | :— | |
| s, | :l, | \|s, | :— | s, | :— | \|— | :— | |
| m | :f | \|m | :r | m | :— | \|— | :— | |
| d | :f, | \|s, | :— | d, | :— | \|— | :— | |

A - - - - men.

*Rehefa vita ny vavaka, dia manao ny hira faha-13, andininy voalohany eo ambony ny Fiangonana.*

*Na ity :*

d) Ry Andriamanitra, Tompo ô! Misaotra sy midera Anao izahay noho ny soa rehetra raisinay aminao. Omenao hanina isan' andro izahay sy fifaliana ary ny zava-tsoa rehetra. Efa nomenao anay ny Teninao masina, sady tezainao amin' ny fahoriana sy hazo fijaliana koa izahay, mba hanananay anjara amin' ny fanjakanao ety an-tany ary hiara-monina Aminao mandrakizay.

*Ny Fiangonana :*

Dô dia D. 3/4.




*Ny pastora :*

Ry Andriamanitra Mpamindrafo ô! Mangataka Aminao amin' ny anaran' i Jesosy Tompo izahay : Jereo amin' ny fahasoavanao ny Fiangonana kristiana, ka arovy sy hamasino amin' ny fahamarinanao izy. Aoka ny Teninao anie hotorina marina sy madio ary aoka hatao amin' ny fitandremana araka ny Teninao ny Sakramenta. Omeo mpanompo mahatoky izay marina sy tsara fitondrantena, ny fiangonanao. Mampandehana mpiasa hamory ny vokatrao, ary vohay ny varavaram-pinoana ho an' ny jentilisa rehetra sy ny Isiraely olonao. Tsarovy amin' ny famindramponao koa ny fahavalon' ny fiangonana, ka omeö azy ny fibebahana ho fiainana.

Dô dia .D. 3/4.




*Ny pastora:*

Ahinjiro ny tananao hiaro ny firenenay sy ny tanindrazanay. Aoka handroso tsara aminay anie ny zava-mahasoa rehetra, ary sakano ny sain-dratsy sy ny asa ratsy rehetra.

Tahio ny Filohan' ny Repoblikan' i Madagasikara sy ny Mpanao Lalàna ary ny Mpitondra Fanjakana rehetra hipetrahanay miadana amin' ny toe-panahy araka Anao sy ny fahamaotinana rehetra. Tariho amin' ny Fanahin' ny fahendrenao ary tehirizo ao Aminao ny firenena rehetra eran-tany sy ny mpitondra azy mba hanjakan' ny fihavanana sy ny fandriampahalemana. Ary izy rehetra anie mba samy hahafantatra tanteraka sy hanaiky ny sitraponao, Andriamanitra Ray Mpiahy, antoky ny fiadanan' ny olombelona eto an-tany.

*Ny Fiangonana :*

Dô dia D 3/4.




*Ny pastora:*

Andriamanitra ô, Aoka lanao anie no ho kiadin'ny mpitondratena sy ho rain'ny kamboty. Ary tsarovy ny manana alahelo sy fo torotoro, indrindra fa izay marary sy efa ho faty, mba samy hahazo fiononampo sy toky avy amin'ny Teninao; ary aoka anie lanao ho ho herin' izay mitondra fahoriana noho ny anaran' i Jesosy. Manampia anay, mba hiasanay marina sy hifanarahanay tsara amin'ny raharaha rehe- tra. Omeo tao-jina sy fifaliana amin' ny fanomezanao izahay.

*Ny fiangonana:*

Dô dia D. 3/4



*Ny pastora*

Mba tsarovy indrindra anie ity fiangonanao ity. Arovy amin' ny fahatafintohinana rehetra izahay, ary ampikambano amin' ny fitiavanao masina.

Aoka ny zaza madinika, izay atao batisa amin' ny anaranao, hitombo amin' ny fahatahorana sy ny fitiavana Anao, ary tahio ny katekomena izay miomana hatao batisa.

Ampio ny tanora, izay hanavao ny fanekena tamin' ny nanaovana batisa azy, mba hanana finoana sy fo marina hahafoizany ny ratsy sy hiraiketany amin' ny tsara. Omeo fiadanam-panahy sy fiainana mandrakizay ny mpandray, izay manatona ny latabatrao.

*Ny fiangonana :*

Do dia D 8/4

| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| : d.r | m :- :d | r :- :r | s :- :- | - :- | d. r | m :- :d | r :- :r | d :- :- | - :- : |
| : d.d | d :- :d | t, :- :t, | d :- :- | - :- | d. d | d :- :d | d :- :t, | d :- :- | - :- : |
| : m.f | s :- :s | s :- :s | s :- :- | - :- | s. l | s :- :m | f :- :f | m :- :- | - :- : |
| : d.d | d :- :m | s :- :f | m :- :- | - :- | m,.f, | s, :- :s, | s, :- :s, | d :- :- | - :- : |
| Mihainoa | | ny va- va- | kay ! | | Mihainoa | | ny va- | va- kay! | |

*Ny pastora*

Ry Andriamanitra ô ! Mamindrà fo amin' ny olona rehetra araka ny haben' ny fitiavanao eo amin' i Jesosy Kristy, Tomponay. Ary raha avy ny fotoana hialany amin' ity fiainana ity, dia omeo anay ny fahasoavanao mba hialanay aina amin' ny fifaliana sy ny fahatokiana an' i Jesosy, ary amin' ny andro farany mba atsangano amin' ny voninahitrao izahay ;

*Ny Pastora sy ny fiangonana*

Rainay Izay any an-danitra! Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin' ny ratsy. Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay.

Do dia D 3/4




## 14. FILAZAN-DRAHARAHA sy FANDATSAHAN-DRAKITRA

*Ny rakitra dia alatsaka ao ambonin' ny alitara na tantazana. Mandritra ny fandatsahan-drakitra, dia mitodika amin' ny alitara ny pastora ary manao hira ny Fiangonana, na tendrena ny zava-maneno. Ary rehefa vita ny fandatsahan-drakitra. dia mihira ny Fiangonana hoe :*

Dô dia Ab. 4/4.










*Manaraka ny rakitra no anaovana ny* ***Batisa, Konfirmasiona, Asa sy Fampaherezana, Fandraisana Katekomena, fandraisana ny olona mifindra fiangonana ary Fanokanana ny mpiasa****. Raha tsy misy fandraisana, dia hodinganina ny n° 15 - 20 ka dia mandroso amin' ny n°. 21, pejy 27; fa raha misy fandraisana kosa, dia mandroso araka izao :*

## 15. FANDRAISANA NY FANASAN' NY TOMPO

*Hira fohy mifanandrify amin' ny fandraisana no hatao. Ary raha mbola mihira ny fiangonana, dia mampidina ny divay amin' ny kapoaka sy ny mofo amin' ny lovia ny pastora.*

## FIDERANA (PREFASIONA)

*Ny Pastora*
*mitodika amin' ny Fiangonana ka manao hoe :*

Dô dia G.



*Ny Fiangonana :*

*mitsangana ka mihira mifamaly amin' ny pastora hoe :*

Dô dia G. 4/4

: .d, |d :d | f :m |l :s .s | f :f |m :f .m | r :— |d :— ||
: .d, |d :s, | d :d |l, :d .d | d :t, |d :d .d | d :t, |s, :— ||
: .d, |d :m | f :s |d :m .m | r :f |s :l .l | l :s.f:m :— ||
: .d, |d :d | l, :s, |f, :d .d | r :r |d :l,.s, | f, :s, :|d, :— ||

A- san - dra - tray ny . fo - nay ho any a- min' ny To - mpo !

*Ny pastora :*

: s, :s,.s,:s,.s, :l, :l,.l, :d :d .d :d .d :r :-.d :d :— ||

Aoka ho-deraintsika ny Tompo Andri-a-ma - ni- tra

*Ny Fiangonana :*

Dô dia G 4/4

d : d.d ! d : d | m : - ! m : - | r : - ! - : - | d : - ! - : - ||
d : d.d ! d : d | d : - ! d : - | d : - ! t, : - | s, : - ! - : - ||
d : d.d ! m : m | s : - ! l : - | s : - ! f : - | m : - ! - : - ||
d : d.d ! l, : l, | m, : - ! f, : - | s, : - ! - : - | d : - ! - : - ||

Me-ndri-ka ho - de -rai - na - l - - - zy...................

*Ny pastora*

*mitodika amin' ny alitara ka manao hoe :*

Dô dia G.

s,. s, : d :d .d : d . d : d : d . d : t, : -. t,l t, . t, : d : - l .d : l, : -.l, : t, : t, . t, : d : - .d : d .d : m :
E- ny me -ndri-ka -ho de-rai-na to- ko - a l - a -nao - ry To -mpo ma- si- na ô, -sa - dy Rai-nay

: - .m : r : - : d l . t, : t, . t, : d : t, . t, : l, : l,. s,: s, : - l s,. s, : s,. s, : l, : -. l, : l,. l, : d : d . d :
Tsi - to - ha A -ndri- a - ma- ni tra -ma-ndraki-zay a-min' ny a - la -lan' i Je- so -sy Kri-

r : r . r : d ll d . d : t, : t, . d : d : d . d : d . d : l, : l,. l, : t, : t, . t,: d : - . ll d .d : d . d : d : d . d :
sty Tomponay l -zay ti - a a -nay sy na-no-lo -te - na ni-so -lo a-nay Amin'ny a - la - la-ny

d : -.d : d . d : d . d : t, : t, : d : m : -.m : m .m : m . m : r : - . r : d : - l.d : d .d : d : d . d : d. d
ko a no a - nka-la - zan' ny a - nje - ly ny fi -a -ndri - a - na-nao, sy i - a -ra-han'ny fi- a

d : d . d : d : d .d : l, : l,. l, : l,. l, : l, : -. l, : t, : d l . d : d : - .d : d .d : t, : -.t, : d : -.d : d .d : d. t, :
ngo na-na- a - ny an- da ni-tra sy e -ty an-ta -ny mi- de - ra ny A - na -ra-nao - a -min'ny fi-ho

: l, : - .s, : s : - l s,: - .s, : l, . l, : d : - : t, : t, . t, : d : d .d : d . d : d : -.d : d .d : d .d : d : r :
bi - a -na a - ry - i -za- hay ko - a i - zao mi-a - ra ma- na -ndra- tra ny fe o -nay a -

- . d : d : r . r : r . r : r . r : r : -. r : r . m : f : -.m : m . m : r : r : -. d : d : - ||
mi ny ka a-min'ny fa-na- ja - na le- hi - be no i - de - ra -nay - ho - e.........:

*Ny fiangonana:*

Do dia D. 4/4

s : - ! m : m ! r : - ! d : d l s : l ! s : - || d' : d' ! t : t : l : -.s : s || s
Ma - si - na Ma - si - na ! Ma - si - na ! ......... Za - na -ha -ry To -mpo-nay. Ny

*Ny fiangonana :*

Dô dia D. 4/4




*Dia mipetraka ny fiangonana, ary mandroso eny amin' ny alitara ny mpandray izay omby eo. Ary dia tendrena moramora ny zava-maneno.*

## VAVAKA FISAORANA

*Ny pastora*
*mitodika amin' ny fiangonana ka manạo hoe :*

Ry Kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an' i Jesosy Izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy mivavaka !

*Dia mandohalika eo amin' ny fandohalehana ny mpandray, ary ny pastora mitodika amin' ny alitara ka mivavaka hoe :*

Misaotra Anao izahay, ry Jesosy Kristy Tompo ô! Midera ny anaranao izahay, ry Zanak' Andriamanitra lahy tokana, Mpamonjy anay ! Ankalazainay lanao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. Ary izahay izay tonga eto amin' ny latabatrao handray ny tenanao sy ny ranao, dia mangataka mba hataonao manatrika Anao amin' ny fo manetry tena sy marina. Ampiraiso Aminao ohatry ny sampana amin'ny voaloboka izahay. Ampiạnaro hifankatia tahaka

ny nitiavanao anay izahay. Ary aoka izahay hiara-manana amin' ny Fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao.

Ry Zanak' ondrin' Andriamanitra nitondra ny fahotan' izao tontolo izao ô !

Iantrao izahay !

Ry Zanak' ondrin' Andriamanitra nitondra ny fahotan' izao tontolo izao ô ! Omeo anay ny fiadananao !

*Ny Fiangonana :*




***Ny Pastora .***






# TENY NANENDRENA NY FANASAN' NY TOMPO

*Mitsangana ny Fiangonana, ary ny pastora manatrika ny Fiangonana ka manao hoe*

Dô dia F.

|s .m :m .m :m :m .m :r :- :m ||m.m :m :m .m :m .m :f :m ||m .m
Je- so- sy Kristy Tompontsi- ka tamin' i- ny a- li- na i- ny i- zay

|:m.m :d :d.d :r :- :m ||:m :m.m :m :f :- :m
na-ma-di-ha-na A- zy, di- a nandray mo- fo,

*Dia raisin' ny pastora ny lovia misy ny mofo.*

|:m :m.m :m.m :m .m :m :- .m :f :- :m ||
a- ry no-ny e- fa ni-sao- tra I- zy

|:m .m :m .m :r :- .m :m .m :m :m .m :m .m :s :- :s .s ||
di- a no- va- ki- ny ka na- to- lo- ny ny mpi- a- natra,

|:s .s :s :f :- :m: ||:d :- :d .d :r :- .:d: ||.d :d :- .d
a- ry hoy I- zy: «Rai- so ka ha- no. I- ty no

:d :- .d :d .d :d .d :m :m .m :m .m :r :- :d ||.r :r :r .r
te- na- ko I- zay o- me- na ho a- na- re- o. I- zao no a-

:r :r .r :r .r :r.r :m :- :m .m :r :- :d :- ||:s :- .m :m .m
tao- vy ho fa- ha tsi-a- ro- va- na A- hy.» A- ry toy i-

|:m.m :r :-.m :m.m :m :m.m :m.m :f :-.m :m
za-ny ko- a no nan-draisany ny ka-po- a- ka

*Dia raisin' ny pastora ny kapoaka misy ny divay.*

.m :m .m :m .m :r :- .m ||:m .m :m .m :m .m :m :- .m :r :- :m
re- he- fa ni- sa- ka- fo, ka no- ny e- fa ni- sao- tra I- zy,

:m :m .m :m :m .m :s :- :s ||s.s :s :r :- :m ||:d .d :d
di- a na- to- lo- ny a- zy, a-ry hoy I- zy: «Misotro

:d .d :d .d :d :d .d :d .d :d .d :r :- :d: ||.d :d :- .d :d
a a- min' i- ty hi- a- na- re- o re- he- tra, I- ty ka- po-

.d :d .d :d :- .d :d .d :d :d .d :d :- .d :d .d :r :- :d
a- ka i- ty no fa- ne- ke- na vaovao a- min 'ny ra- ko,

.d :d .d :d :- .d :d .d :d .d :[illegible] :- :d :.d :d.d :m :r :-
i- zay a- la- tsa- ka ho a- na- re- o ho fa-melan- ke-

:- .d :d ||:r :- .r :r .r :r :r.r :r.r :r :r .r :r .r :r :r
lo- ka. Ko- a na o- vi- a-na na o-vi- a- na no mi- so- tro

.r :r .r :r :- :r ||r :r .r :t, :t, t, :d :d .r :r .r :r .r
hi- a- na- re- o, di- a i- zao no a- tao- vy ho fa- ha- tsi- a-

||:m :- :m.m :r :- :d :- ||
ro- va-na A- hy. »

*Dia mipetraka ny Fiangonana.*

*Dia mipetraka ny fiangonana.*

## FANOLORANA NY MOFO SY NY DIVAY

*Dia manolotra ny mofo eo an-tànan' ny mpandray tsirairay ny pastora, sady miteny amin' ny isan' olona hoe :*

Ity no Tenan' i Jesosy.

*Ary rehefa manolotra ny divay koa izy, dia miteny hoe :*

Ity no Ràn' i Jesosy.

*Ary rehefa tapitra ny fampandraisana ny indray mandray, dia miteny ny pastora hoe :*

Jesosy Kristy Tompontsika, Izay voahombo tamin' ny hazo-fijaliana ka nitsangana tamin' ny maty, no efa nanome anareo (antsika) ny Tenany sy ny Ràny izay nanavotany anareo (antsika) tamin' ny fahotana rehetra, Izy koa anie no hampahery sy hiaro anareo (antsika) amin'izany amin'ny finoana marina ho fiainana mandrakizay!

Ho aminareo anie ny fiadanana ! Amena.

** Miankina amin' ny Pastora miara-mampandray ny hanaovana na tsy hanaovana ny mariky ny hazo-fijaliana.*

*Na dia mampandray tena aza ny pastora, dia* ***TSY AZO OVANA*** *ny hoe :* ***Ho aminareo anie ny fiadanana!***

## 16. HIRA FISAORANA NOHO NY FANDRAISANA

## 17. VAVAKA NOHO NY FANDRAISANA

*Ny pastora mitodika amin' ny Fiangonana ka manao hoe :*

Dô dia **Ab**

d :- .d : d .d : d . d : l, : l, : l, . l, : t, :- . d : d |
Ao- ka i -si - ka hi- sao -tra sy hi - va - va-ka.

*Dia mitodika amin' ny alitara izy ka mihira hoe :*

.s,: s,. s,: d : -.d : d .d : t, : - .d : d l d .d : d .d : d. d : d.d : d.d : m : - .m : m. m : r : r . r : d ||
A- ndri-a- ma - ni-traTsi-to - ha ô I-zay hatramin'ny talo -ha i -ndri -ndra ka ho ma-ndra-ki- zay.

.d : d : d . d : d : d.d : d . d : d . d : d . d : r : r . r : d . d l . d : d . d : t, : t, . t, : t, . t, : t, . t,: d |
Mi -sao-tra A-nao i-zahay no-ho ny nama-ha-nanao a-nay ta- mìn' i- re -ny za -va tso- a no-me-

t, . t, : l, : s, l s, : l, . l, : d : d . d : d . d : r : r . r : d l .d : d .d : d .d : t, : -. d : d l d .d : d . d |
nao i- re- ny. A -ry ma-nga- ta-ka a-mi- nao i-za-hay no-ho ny fa-mi-ndra-mponao, mbaho-ha so-

d : -.d : d . d : d .d : d .d : d : -.d : d . d : d : -.d : r : -.d l d . d : d : -.d : d. d : l,: -.l, : t,: -.d : d ||
a - vi -nao i - re-ny za-va-tso - a nome- nao i - re -ny hampahe -ry ny fi -no - a-nay A-nao,

.d : d . d : d . d : m : m : m. m : m : r : d l r. r : r: r : r . r : r . r : r : -.m : f : m : r : -. d : d ||
sy ha-mpi-fa-nka- ti- a a-nay i -ndri -ndra, a min' ny a- lalan' i Je- so - sy Kri- sty To -mpo-nay

*Ny Fiangonana :*

**Dô dia A♭. 4/4**




## 18. TSODRANO

*Ny pastora*

*mitodika amin' ny Fiangonana ka manao hoe :*

**Dô dia A♭.**




*Ny Fiangonana :*

**Dô dia A♭. 4/4**




*Dia mitsangana ny Fiangonana, ary ny pastora manao hoe :*

**Do dia A♭.**




*Dia manao ny mariky ny hazo fijaliana ny pastora.*

*Ny Fiangonana :*

**Dô dia A♭. 4/4**






*Dia mipetraka ny fiangonana*

## 19. HIRA FARANY

## 20. VAVAKA FARANY

*Mandroso ny katekista na ny loholona anankiray ka manao ity vavaka eto ambany ity na vavaka foroniny. Mandohalika eo amin' ny alitara amin' izay ny pastora.*

Tompo ô, misaotra Anao amin' ny fonay tokoa izahay, fa efa nampianarinao anay izay sitrakao hataonay. Andriamanitra ô, ampio izahay ankehitriny amin' ny alalan' i Jesosy Kristy noho ny Fanahinao Masina, mba hitehirizanay ny Teninao amin' ny fo madio, hitomboanay amin' ny finoana, mba hihatsara isan' andro isan' andro izahay amin' ny fitondrantena masina, ary ny Teninao anie no hitokianay na amin' ny fiainana na amin' ny fahafatesana. Amena.

*Raha vantany vao vita ny Amena, ka mbola mitsangana eo ny mpivavaka, dia pehina in-telo ny lakolosy, raha misy, toy izao :*

{| d :d :d :- :- :- :d :d :d :- :- :- : d :d :d :- :- :-

*Dia vao mitsangana ny pastora, ary mirava ny mpiangona.*
*Tendrena amin' izay ny zava-maneno (postlude).*

## 21. TSODRANO

*Raha misy **Asa sy Fampaharezana** dia aorian'ny "Vavaka famaranana" no anaovana ity Tsodrano manaraka ity. Raha tsy misy fandraisana ny fanasan' ny Tompo, dia izao no famaranana ny raharaha, tohin' ny n° 14, pejy 19.*

*Ny pastora*
*mitodika amin' ny Fiangonana ka manao hoe :*




*Ny Fiangonana :*




*Ny pastora :*




*Ny Fiangonana :*




*Amin' ny andro firavoravoana telo lehibe, sy fivoriamben' ny fiangonana dia ny Amena sy Haleloia fanao amin' ny fandraisana kosa no atao.*

*Dia mipetraka ny fiangonana.*

## 22. HIRA FARANY

## 23. VAVAKA FARANY

*Mandroso ny katekista na ny loholona anankiray ka manao ity vavaka eto ambany ity na vavaka foroniny. Mandohalika eo amin' ny alitara amin' izay ny pastora : Na katekista na loholona dia samy mitodika any amin' ny alitara izy no manao ity vavaka ity.*

Tompo ô, misaotra Anao amin' ny fonay tokoa izahay fa efa nampianarinao anay izay sitrakao hataonay. Andriamanitra ô, ampio izahay ankehitriny amin' ny alalan' i Jesosy Kristy noho ny Fanahinao Masina, mba hitehirizanay ny Teninao amin' ny fo madio, hitomboanay amin' ny finoana, mba hihatsara isan' andro isan'andro izahay amin' ny fitondrantena masina, ary ny Teninao anie no hitokianay na amin' ny fiainana na amin' ny fahafatesana. Amena.

*Raha vantany vao vita ny Amena, ka mbola mitsangana eo ny mpivavaka, dia pehina in-telo toy izao ny lakolosy, (raha misy).*

{| d :d :d :- :- :- :d :d :d :- :- :- :d :d :d :- :- :- ||

*Dia vao mitsangana ny pastora, ary mirava ny mpiangona.*
*Tendrena amin' izay ny zava-maneo (postlude).*

